# Distrikan'i Maitirano sy Morondava
## Nanao ny nataony ny dahalo nandritra ny fifidianana 6


# NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Alakamisy 8 novambra 2018 Laharana 835 Vidiny : **400 Ar**


**Asan' ny Apostoly 1: 5** 5

Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao, 04 novambra 2018


www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


**Fifidianana filoham-pirenena** 2

# Mitarika ny kandidà Ravalomanana



**Fampitam-baovao avy any ivelany** 3

# Nanely tsaho ny radio RFI




**ERIKERIKA MADAGASIKARA** 2

## Nanohana mavitrika ny fampielezan-kevitr' i Dada N°25



**Facebook** 3

## Nilahatra toy ny olon-drehetra i Dada vao nifidy

**Fitrandrahana fasimaity** 7

## Loza mitatao ho an'i Farafangana...

**Sary hosodoko** 6

## Nodimandry ny andrarezina Raparivo Roland

**Daka kely**

Tsy mahay teny anglisy ohatran'i Dada toy ireny ialahy ry Boaikely a !

**Ministeran'ny rano-CUA- SAMVA** 7

## Hahazo kamiao manokana miisa 16 ny Samva



FIFIDIANANA FILOHAM-PIRENENA

## Mitarika ny kandidà Marc Ravalomanana

Raha ny vokatra vonjy maika sy tsy ofisialy voalohany omaly dia mitarika vonjy maika ny kandidà filoha Marc Ravalomanana eto Antananarivo sy ny manodidina, izany amin'ny faritra Analamanga mihitsy. Raha izay vokatra azo izay dia azo lazaina ho mitarika lavitra ihany ny kandidà laharana faha-25. Ankoatra izany, nizotra tam-pilaminana ny fotoam-pifidianana teto amin'ny firenena tamin'ny ankapobeny omaly. Na dia teo aza ireo olana amin'ny endrika samihafa tetsy sy teroa, tamin'ny faritra maro samihafa, dia tsy sakana tamin'ny fahatanterahan' ny fifidianana ho filoham-pirenena fihodinana voalohany izao izany. Mendri-piderana araka izany ny vahoaka Malagasy amin'izay ary tsy menamitaha amin'ny hafa izy. Tsy afaka hidera tena sy hieboebo ho antony nahatonga izany anefa ny tompon'andraiki-panjakana, fa tsy vitany irery izany. Tsy lavina, teo ny fepetra sy lalàna samihafa nifehezana izany hampizotra ara-dalàna ny raharaha, fa tsy azo odian-tsy hita ny fihetsiky ny vahoaka. Ny vahoaka no antoky ny fahombiazana amin'izao fahatanterahan'ny fifidianana izao ary miha-miroso hatrany mankany amin'ny fahamatorana amin'ny raharaha arapolitika eto amin'ny firenena izy. Manaporofo izay ny fahafantaran'ireo kandidà sasany fa tsy hofidiam-bahoaka na ny besinimaro mihitsy izy, ary manana ny heviny ny vahoaka amin'izay olona hotolorany ny fahefana ka naleon'izy ireny nanao tsy sazoka fampielezan-kevitra ihany na niova hevitra hafa mihitsy mba tsy ilazana ho niàla an-daharana. Tsy mbola mipetraka rahateo ny fifampitokisana eo amin'ny vahoaka sy ny fitondrana, izay olana lehibe iray tsy maintsy hovahana io fa tsy azo avela fotsiny amin'izao, satria hanohy hanapotika hatrany ny firenena. Ka ny fitondrana izany nanao izay heveriny ho tandrifiny azy amin'ny andraikitra napetraka taminy, fa ny vahoaka ihany koa etsy ankilan'izany nanao izay heveriny mba takany hahatontosa izany adidy masina lehibe izany. Midika izany fa misy zavadehibe andrasan'ny vahoaka aorian'izao fifidianana izao. Tsy adala akory ny vahoaka tamin'ireo fepetra samihafa nanahirana ny saina ihany ny nandray azy na avy amin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana (HCC) na avy amin'ny Ceni sy izay tomponandraikitra samihafa mandrapahatonga tamin'izao fahatanterahan'ny fifidianana izao. Fantatry ny vahoaka ny madilana rehetra tsy notentenina teo am-panomanana sy fiatrehana azy fa navelany nandeha izany satria misy andrasany fatratra, ary dia miandry izy izao sady feno fanantenana. Ametrahany fanantenana ny filoha Marc Ravalomanana. Ho an'i Dada manokana, nanambara izy tamin'ny televiziona satelita eran-tany Aljazeera teny Faravohitra fa matoky: "I'm confident…"



**Sôh'son**

Erikerika Madagasikara

## Nanohana mavitrika ny fampielezan-kevitr'i Dada N°25

Efa resy lahatra hatramin'ny ela amin' ny kandida Marc Ravalomanana, laharana-25, ny fikambanana Erikerika Madagasikara. Mivohy izany fahareseham-dahatra izany hatrany ity fikambanana ity amin'ny alalan'ny fiarahany miasa amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao. Mividy gazety 100 isaky ny manatonta ny fikambanana ho zaraina maimaimpoana eny amin' ny faritra samihafa. Nandritra ny fandalovan'ny mpikambana ramatoa Rafidison Noro teto an-tanindrazana tamin'ny fotoanan'ny fampielezan-kevitra dia nitondra ny anjara birikiny ny fikambanana, vola mitentina 600.000 arirary no natolony nandritra ny fihaonany tamin'ny Ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana. Nandray anjara tamin'ny fampielezan-kevitra manokana koa izy. Nividy tee-shirts 150 ary nisitraka izany ny tao Andoharanofotsy, Malaho, Ambohijanaka ary nisy koa ny nalefa tany Ilakaka. Amin'izao kihondalana lalovan'ny firenena izao, tamin'ny fifidianana omaly alarobia dia nanentana ny rehetra ny fikambanana nifidy ny kandidà Marc Ravalomanana, laharana faha-25, mpanangana fa tsy mpandrava!"



*Ny solontenan'ny Erikerika Madagasikara avy any an-dafy, nihaona tamin'i Neny Lalao Ravalomanana tetsy Analakely.*

***Nangonin'i Helisoa***

Akon'ny fifidianana

## Maro ny mpifidy niambakavaka tamin'ny fomba fandatsaham- bato

Tsy ampy ve ny fotoana nanentanana sa ny vahoaka mihitsy no manana ny laharam-pahamehana aminy miohatra amin'ny fifidianana ? Tsy misy afaka mandà fa nisy fanentanana sy fampianarana na fanoroana ny olom-pîrenena afaka mifidy nataon'ny teo anivon'ny vaomieram-pirenena mahaleotena misahana ny fifidianana (Ceni), momba ireo fombafomba rehetra tokony hataon'ny mpifidy rehefa hiditra ao amin'ny birao fandatsaham-bato izy ka hifidy. Tsikaritra anefa fa maro ireo niambakavaka ary nisy mihitsy no sahirana tamin'ny fanarahana ireo dingana atao raha mandatsa-bato sy ny amin'ny famenoana mbamin'ny famalonana ny biletà tokana. Nisy, ohatra, araka ny hitanay tamin'ny andron'ny omaly, efa misy olona maromaro milahatra eo amin' ny varavaran'ny biraompifidianana iray, no indro efa-mianaka: renim-pianakaviana mbola tanoranora ihany miaraka amin' ny zanany roa, ny iray mbola trotroiny ny iray eo amin'ny telo taona eo, miaraka min'ny renibeny, no avy hatrany dia nisongona ireo nilahatra ary niditra avy hatrany sy nilaza fa hijery ny lisipifidianana na ao ny anaran'izy ireo na tsia. Nasain'ireo mpikambana tao amin'ny birao fandatsaham-bato nivoaka izy ireo mba hanaja laharana sy tsy hampiditra ireo zaza ao anatiny. Biraom-pifidianana iray teny amin'ny manodidina ny renivohitra no nisian'izany, mainka fa any amin'ny toerana lavitra ny tanàn-dehibe rehetra any. Tsikaritra fa mbola maro ihany koa ny mpifidy no teny amin' ny toeram-pifidianana vao nikaroka sy naka ny kara-pifidianany. Midika izany fa tsy tafita tanteraka tany amin'ireo mpifidy ny fampianarana sy fanentanana nataon'ny Ceni sy izay mpisehatra samihafa hatramin'izay. Soa aloha fa teo ireo olona efa nofanina manokana teny anivon'ireo birao fandatsaham-bato afaka nanazava tsara sy nanoro tamin'ny mpifidy ny fomba ataony mandritra ny fanatanterahana ny fandatsahany ny vatony. Voavaha maimaika ihany ny olana.

**Sôh'son**

### Ny Valosoa sy fakafaka

## Madagasikara tanindrazantsika : kihondalana lehibe no hizorany manomboka izao

Vita iny ny fifidianana, kihon-dalana lehibe indray no hizoran'i Madagasikara manomboka izao na inona na inona ho valin'ny fifidianana misy eo . Sampanana roa lehibe ihany koa no hisy manomboka izao , na andeha ho any amin'ny tsara sy mahasoa , na ho ao anaty lavaka mangitsokitsoka ihany. Misy ny lesoka tamin'ny fikarakaràna ny fifidianana , nefa na izany aza dia nizotra ihany ary navitrika ny vahoaka nandeha namita ny adidiny. Tamin'ny mitataovovonana omaly dia efa nahatratra 40% mahery ny taham-pandraisan'anjaran'ny mpifidy nanerana an'i Madagasikara. Midika izany , fa te hamadika ny pejy sy leo ny fahantrana nandritra ny 9 taona ny vahoaka Malagasy , ka na inona na inona valimpifidianana hisy eo dia tsy ahoany , fa aleo aloha mifidy. Ny filoha Marc Ravalomanana efa nanambara sy niantso mandrakariva ny olom-pirenena rehetra fa ny fifidianana ihany no lalana ara-demokratika ahazoana ny fitondràna , fa tsy avy amin'ny fanonganam-panjakàna velively izay nampidi-kizo teto amin'ny firenena toy ny tamin'ny taona 2009. Eto izany dia miandry ampitoniana ny valim-pifidianana ofisialy isika vahoaka Malagasy , fa tsy ho voarebirebin' ny tsapan-kevitra izay mampisavorovoro ny saimbahoaka iniana volena ao an-tsain'ny Malagasy, tsapan-kevitra izay tsy nahazo alalana tamin'ny CENI, ary milaza lainga nefa dia voizin'ny radio iraisam-pirenena Frantsay iray. Mbola tsy maty voalavo an-kibo ihany ny mpanjanaka antsika fahiny na dia hitany izao aza fa efa ho ren rika amin'izay izy satria efa hisafidy ny ho amin'ny tena fandrosoana sy fiovana i Madagasikara sy ny Malagasy.

***Helisoa***

Fifidianana

## Ahiana ny hisian'ny hala-bato be vata any Atsimo

Ahiana ny hisian'ny hala- bato be vata any Atsimon'ny Nosy iny tamin' iny fifidianana vita omaly teto amintsika iny. Ohatra iray monja ny ao akaikin'Ambovombe Androy ao. Birao fandatsahambato nahitana mpi- fidy voasoratra anarana 80 hatramin'izay, lasa 150 no moifidy ao amin' izao fotoana. Io elanelan'isa 70 fanampiny io no loharanon'ny hosoka. Avadika ho "entam-barotra" sandaina vola ireo vato ireo. Mazàna dia vita ny tapak'andron'ny latsabato ary dia manaraka ny ambiny avy eo. Ny olona anefa tsy dia mivaky loha manara-maso izay mitranga ao amin'ny birao fandatsaham-bato ao ary dia ma-nao izay danin'ny kibony ry "zalahy". Raha ny tarehimarika fantatra dia anisan'ny nahitana ta-ham-pitomboan'ny mpifidy be indrindra ny any Atsimo: any Atsimo Andrefana no avo indrindra ny isan'ny birao fandatsaham-bato eran'i Madagasikara. Zara raha misy mpanara-maso ane- fa any an-toerana mba tsy ilazana fa tsy misy. Ry kandidà isany, jereo sy araho akaiky ny latsabato any Atsimo. Miantefa amin'ireo rafitra isan-tsokajiny ihany koa nyantso dia ny CENI, HCC, ny Bianco, ny Samifin, ny Rohy, ny Fandio, ny Safidy, ny MOEUE 2018 na mpanara-maso avy amin'ny Vondrona Eoropeana, ny SOEM, ny PNUD na ny avy amin'ny Firenena Mikambana.

***Ny Valosoa***

## Ny Valosoa sy hadihady

# 7 Novambra 2018: hanova ny tantaran'i Madagasikara

Ho tadidin'ny taranaka sy ho voarakitra ao amin'ny tantaram-pirenena ny datin'ny fifidianana ho filoham-pirenena tamin'ity taona ity satria tsy mbola nisy toa azy ireo fifidianana hatramin'izay niverenan'ny fahaleovantena izay no tsiahivina. Enina ambitelopolo (36) ny kandidà ka nisy ireo efa praiminisitra, minisitra ary lehiben'ny andrim-panjakana, filohan'ny Antenimierandoholona sy ny filohan'ny Antenimieram-pirenena. Tsy adino ny filoham-pirenena roalahy sy ny filohan'ny tetezamita. Misy mpitsara sy mpisolovava, profesora sy dokotera, mpahay toekarena sy mpahay fiarahamonina, ka raha fintinina dia olona avy ao anatin'ny ambaratongam-piarahamonina rehetra. Mbola mampiavaka ity fifidianana ity ihany koa ny fanakianany ny lisitry ny mpifidy ka nangatahany ny hanokafana izany indray na dia efa tsy eken'ny lalàna mifehy ny fifidianana aza izany. Iaraha-mahalala fa niisa 25/36 izy ireo, nisy ny nanohy ny fampielezankevitra ihany ary nisy ny nanambara fa hanohana kandidà iray hafa kanefa azo inoana fa tsy maintsy hahazo vato ihany na izany aza satria aleon'ny mpanohana azy mandrotsaka ny vatony ho azy ihany toy izay ho an'olon-kafa. Ny fanaovana fampielezan-kevitra dia samy nanana ny fomba nitondrany izany ka vitsy ireo nanao fitetezam-paritra ary na izay nanao izany aza dia nisy ny nionona tamin'ny fihaonana tamin'ny mponina an-tanàndehibe fotsiny ary iray monja no nahatety tanàna manodidina ny fitopolo ambizato (170): renivohimparitany, distrika, faritra, kaominina ary hatramin'ny fokontany aza dia ny kandidà Marc Ravalomanana. Anisan'ny nampiavaka ity fifidianana ity ihany koa ny fahasahian'ny kandidà iray sahy nampiaraka tamin'ny antontan-taratasim-pirotsahany ho kandidà ny taratasy fametraham-pialany avy hatrany iray volana aorian'ny fahalaniany, raha lany izy, raha tsy midina ny vidin'ny solika, miakatra ny sandam-bola ariary, sns… Ho an'ireo efa filoha nitantana ity Firenena ity dia nisy ireo mampanantena volana aman-kintana ny vahoaka Malagasy ka ny iray dia nanome toky fa hampandroso ireo tanàn-dehibe sasany eto amin'ity Nosy ity hitovy amin'ireo tanàna manan-daza any Etazonia sy Erôpa ary Azia kanefa dimy taona fotsiny izy no teo amin'ny fitondràna dia niha-nahantra fadiranovana ny gasy ary nikorosy fahana ny toekarena, tsy iza izany fa ny filohan'ny mpanongam-panjakana Andry Rajoelina. Ny faharoa kosa nandefa « clip » nampiseho fa afaka roambinifolo taona, izany hoe ny taona 2030, dia lamasinina (train) zotra laharana 12 mifamezivezy eran'ny tanàna sy ny làlana migodàna (autoroute) no hisolo toerana ireo làlana tery amin'izao fotoana kanefa tsy fantatra na eto an-drenivohitra ihany na hatrany amin'ny tanàn-dehibe hafa koa, tsara ho marihana fa ny làlan'ny frankofonia aza efa tamin'ny 2016, mbola teo amin'ny fitondrana izy no namboarina kanefa vao andro vitsivitsy izay no notokanana tamin'ny fomba ofisialy. Tsy hadino koa ny iray izay nahatsiaro ny fampandrosoana nataony teto amin'ny Firenena kanefa dia rava sy potika tao anatin'ny sivy taona ka ireo toe-javatra ireo sy ny fifanakalozan-kevitra tamin'ny olom-pirenena isantokony no nentiny nandrafitra ny programan'asany hanarenana indray ny Firenena. Naharesy lahatra olompirenena maro iny programan'asa iny ka nandrisika azy ireo nirohotra nandatsa-bato, ho an'ity kandidà efa filoham-pirenena sady nanana traikefa teo amin'ny sehatra rehetra ity, omaly Alarobia 7 Novambra 2018 dia ny kandidà Marc Ravalomanana izany. Tsy nampihemotra ny maro ihany koa ilay taratasy sandoka nentina nandotoana ny kandidà Ravalomanana Marc satria , mazava ho azy, fa tsy ny olona efa nisikim-ponitra sy tsy nitandro hasasarana nihaona sy nitafa tamin'ny vahoaka Malagasy tany amin'ny tanàna maro indray no nanohitra ny fifidianana sy niantso ny olona tsy hifidy. Tsapa avy amin'ireny fa tsy kely làlana tokoa ny ratsy ary ny devoly dia tsy manan-draharaha hafatsy ny mamboly fisalasalana ao an-tsain'ny olombelona ka maniraka ny miaramilany hamafy izany, indrindra ao amin'ny tanàna hitany sy azony antoka fa ho resy amin'ny elanelam-bato be dia be ny mpanompony. Tsy ho tsarain'ny tantara izay tia ny tanindrazany satria anisan'ny nanao ny tantara izy tamin'ny safidy nataony ho fanavotana ny Fireneny.

***Andry Tsiavalona***

FAMPITAM-BAOVAO AVY ANY IVELANY

# Nanely tsaho ny radio Frantsay RFI

Mahavariana ary mampieritreritra ihany ny fampitam-baovao nataon'ny solontenan'ny onjampeo Frantsay RFI miasa eto amintsika amin'izao fotoana izao, raha ny re tamin'ny 10 ora maraina amin'ny ora eto an-toerana omaly nandritra ny fotoam-pifidianana. Nambarany mantsy fa mirona mifidy ny kandidà volomboasary ny maro amin'ny mpifidy tamin'io ora io( !?!). Mbola vao amin'ny 10 ora maraina io, ary tsy fantatra ny toerana nahitany izany ary inoana marimarina fa tsy nanome fironana ankapobeny amin'ny kandidà safidian'ny mpifidy tamin'io ora io mihitsy ny teo anivon'ny Ceni. Misy tiana ahatongavana ve izany fampitam-baovao izany ? Vaovao izay tsy voamarina velively akory? Manana ny toerany eo amin'ny serasera iraisam-pirenena ity onjampeo iray any Frantsa ity, ary ny olona ampiasainy mpampita vaovao, heverina fa manana ny maha izy azy. Hafahafa ihany anefa iny fampitam-baovao re omaly iny. Soa aloha fa nisy faharatsiany ny fifandraisany tamin'ny mpanolotra ny vaovao tany amin'ny foibeny ary dia tsy maintsy notapahina izany. Ny taorian'izay aloha tsy fantatra intsony na noezahina nahitsy ny vaovao satria tsy maintsy narahana akaiky ihany koa ny fampitam-baovao tamin'ny onjam-peo teto an-toerana. Tsy aritra izany ka tsy maintsy noresahana. Ny CENI rahateo dia tsy nanome alalana na iza na iza hanao tsapan-kevitra na sondage mandritra ny fotoana nifidianana, ka ny fehiny dia tena nanely tsaho ny RFI omaly tamin'ny 10 ora maraina iny.

***Radafy***

Fort Dauphin

# Nanome toromarika faramparany ho an'ireo mandatera ny CENI

Maniry ny hisian'ny fifidianana marina sy tena izay eken'ny daholo be ny Ceni ao Anôy. Namory ireo mandateran' ireo mpilatsaka hofidiana ireo tomponandraikitry ny fifidianana Anôsy sy ny Bianco avy any Toliara. Fampahatsiahiva-na ny tsara ho fantatra mahakasika ny fifidianana no natao tamin' izany. Ny tsy tokony ha-tao. Hanaramaso akai-ky ny fifidianana ny Ceni, ny Bianco ary mbola nanampy izany ny Ceni Anôsy. Nohamafisin'ny Bianco fa manana adidy sy andraikitra ny olom-pirenena malagasy ny hanara-maso ny fifidianana ary tsy tokony ho menatra ny hilaza ny zava-misy tsy mety any amin'ireo birao fandatsaham- bato. Fifidianana mangarahara sy madio, eken'ny maro no andrasana. Nisy ny fametraham-panontaniana naraham-baliny. Afa-po ireo niatrika ny fivoriana. Nanatrika ity fotoana ity ny fikambanana iraisam-pirenena: Sadc sy ny Vondrona Eoropeana. Ny lesoka tsikaritra avy any ambanivolo: ny sasany amin'ireo mpifidy tsy voasoratra ao anaty lisi-pifidianana sy tsy manana kara-pifidiana-na.

***Mangarahara***

NY VALOSOA VAOVAO Dokam-barotra
Tel. 034 79 076 00

facebook NY VALOSOA VAOVAO

## Nilahatra toy ny olon-drehetra i Dada vao nifidy omaly



**Arp Helisoa** : nanaraka ny filaharana ohatra ny olona nifidy rehetra ny filoha Marc Ravalomanana sy ny fianakaviany omaly teny Faravohitra.

**Tiana Arisoa** : mendrika ny ho filoha izy.

**Mamy Brainchard** : fa angaha moa tsy tokony hilahatra izy?

**Arp Helisoa** : afaka tonga dia niditra nifidy izy tao , araka ny fandaminana fa izy mihintsy no tsy nanaiky fa nilahatra mitovy amin'ny rehetra.

**Solontiana Rakotoarinelina** : resaka sécurité, tokony ho afaka niditra izy , ancien president koa anie izy e, ary ho Président tsy ho ela intsony indray

**Jeannot Randrianjanahary** : Ok Dada a!

**Phili Randrianantenaina** : Oadray! Sao de lazain-dry zalah fa propagandy koa ary ity mi-cravate mena sy milanja palitao ty.

**Jerah Andrianomanana** : misy matilolo mihitsy any a.!? Tena hafa ihany i Dada e! izy ihany no tena mendrika ho président.

**Mimiie Kelly** : mivavaka ho anao izahay ry Dada na dia tsy nahazo karatra aza.

**Hanta Niaina** : ary betsaka zany tsy nahazo karatra zany a!

**Miandry Randria** : refa voasoratra ao anaty lisitra na de tsisy karatra aza de mahazo mifidy @ karapanondro, permis, passe-port.

**Andraina Rthr** : LANY DADAAAAAAAAAAAAA !!!

**Yollie Raheriaritiana** : mahay manetritena izy ka ho asandratr'Andriamanitra, izy no tena hanavotra an'i Madagasikara.

**Rakotoarimanana Jean Pascal** : mankasitraka Dada a ! efa handatsaka ny vatonao koa izahay izao e !

**Nâtiorâ Eureca Carméllah** : izy no tena kandidan'ny vahoaka, manaja ny vahoaka izay tompon'ny fahefana.

## TONONKALO

### TANAMASOANDRO ANGAHA ?

Ny tanamasoandro no handrebirebena
An' Antananarivo tsy tia fozaorana ?
Aleonay mahantra tsy manam-boamena,
Toy izay manam-bola voagejam-patorana !

Tsy olona adala fa mba manan-tsaina,
No sady mba miavaka ny renivohitra,
Ka tsy sokajin'ny mora adalaina
Fa matetita aza lazaina ho mpanohitra.

Koa raha `zay tanamasoandro hafahafa
No atao hanafenana ny tanam-poza,
Dia aleonay harefo ihany no atao sahafa,
Fa tsy haniry volana sao hiharan-doza.

Tsy tanamasoandro efa mahadomelina.
(Tena tsy izany ny anay no andrandraina).
Ka dia aoka izay , aza manelingelina.
Antananarivo tsy azo ambakaina.

***SEDERA RAVALISON (07-11-18)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

Ny depiote Me Hanitra, ny minisitra Guy Rivo ary ny depiote Felix nandatsa-bato omaly.















Ireo kamiao vaovao harifomba azon'ny SAMVA ho fanalana ny fako eto Antananarivo.





## Asan' ny Apostoly 1: 5

# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao

***Asan' ny Apostoly 1: 5 "fa Jaona nanao batisa tamin'ny rano; fa ianareo kosa hatao batisa amin'ny Fanahy Masina, rehefa afaka andro vitsivitsy."***

Efa nambarako JEHOVAH taminareo fa tokana ny lalana, tokana ny asa, tokana ny tanjona dia Ilay Fanjakana. Ka na inona lazainareo, na inona ambaranareo, na inona teneninareo dia izao : efa nampahafantariko anareo ny fizarampotoana nisy teo amin' ny tany iainanareo. Ka rehefa hitako JEHOVAH fa mihamaloto ny tany, mihasimba, indro IZAHAY taty an-danitra nanao FIVORIANA ny aminareo zanak' olombelona. Ny zava-nisy dia izao : nojereko JEHOVAH ary nodinihiko ny tany sy ny fiainan' ny zanak' olombelona dia indrisy fa feno ozona sy fahoriana ary raha mitohy dia loza no ho fiafarany ary tsy misy iray izay ho voavonjy akory. Izany indrindra no nahatery AHY nanao FOMBA famonjena hafa mihitsy. Izany dia hitanareo indrindra nanomboka teo amin' ny andron' i JESOSY ka mandraka ankehitriny ary ho mandrakizay, tokony tsy miova. Inona ary izany? Hoy indrindra AHO taminareo, JESOSY dia maty, nalevina ary nitsangana tamin' ny maty afaka 3 andro ka nakarina taty an-danitra. Mino izany va hianareo? I Maria Magadalena sy Maria anankiray raha nizaha ny fasana dia toy izao ny zava-nisy, Matio 28: 2-6 "Ary, indro, nisy horohorontany mafy; fa nisy anjelin'ny Tompo nidina avy tany an-danitra, dia nankeo ka nanakodia ny vato, dia nipetraka teo amboniny. Ary ny fijery azy dia tahaka ny helatra, ary ny fitafiany fotsy tahaka ny oram-panala; ary ny mpiambina nivadipo noho ny fahatahorana azy ka tonga tahaka ny maty. Ary ny anjely namaly ka nilaza tamin'ny vehivavy hoe: Aza matahotra ianareo; fa fantatro fa Jesosy, Izay efa nohomboana tamin'ny hazo fijaliana, no tadiavinareo. Tsy ato Izy, fa efa nitsangana araka izay nolazainy. Avia, ka jereo, fa tao no nandrian'ny Tompo". Ny horohorontany mantsy dia ahafahako maneho zavatra maro tsy voafehinareo olombelona. Tsy ho ela dia hisy izany ka dia ho gaga hianareo. Teto dia nitsangana JESOSY ary dia velona mandrakizay. I JAONA koa dia nalevina 3 andro tao anaty rano. Rehefa afaka ny 3 andro fa anjely no niandry azy tao, dia natsangan' ny anjely izy hamita ny asany sy hampita izany eo amin' ny tany misy anareo fa JESOSY indray nitsangana ka nakarina taty an-danitra manomana ny toerana izay ho vantanin' izay afaka amin' ny fahalovan' ny tany sy ny faharatsiany rehetra. Zava-baovao indray no ambarako aminao, Asan' ny Apostoly 1:5 "fa Jaona nanao batisa tamin'ny rano; fa ianareo kosa hatao batisa amin'ny Fanahy Masina, rehefa afaka andro vitsivitsy". Izany andro vitsivitsy izany dia 3 andro. Ahoana indray izany? Izany hoe: rehefa nolalovana ny fibebahana ka nevelan' i JESOSY ny heloka sy ny fahotana ary natao Batisan' ny rano dia toy izao indray ny fisehony. Tena tia anao JESOSY ary ny toerana nomaniny no hovantaninareo ka manaraha an-tsakany sy an-davany ny fampianarako JEHOVAH. Toy izao no tokony ho hita eo aminareo, raha ireo ny 3 andron' i JAONA sy JESOSY dia toy izao kosa ny anareo. Mitohy ny asa ary tsy mijanona hatreo amin' ny Batisan' ny Rano. Raha vantany vao vita ireo Batisa telo ireo dia mitohy mivavaka hianareo. Mijery JESOSY, manaramaso anao andrao dia tafaverina manota indray ka tsy mahatandrina. Jereny tsara ianao, avy aty ambony IZY, ianao kosa manohy ny fiainanao efa maty ny amin' ny ota, efa natsangana tamin' ny maty, efa manomboka mandeha amin' ny fiainam-baovao. Mandritra ny telo andro JESOSY no miandry anao, tena niova tokoa ve ianao? Tena afaka ve? Te handroso ve? Tena tapa-kevitra ho an' i JESOSY ve? Hampanjaka AZY mandritra ny androm-piainanao tokoa ve? Hanompo AZY mandrakizay ve? Tia AZY ve? Mino AZY ve? Hanaraka AZY ve? Hitory AZY ve fa ireo Batisa ireo no FAMONJENY anao sy fara-fitiavany anao? Rehefa hitany izany toetra izany dia faly IZY ary manomana fanomezana ho anao. Ny FANAHY MASINA izany. Ahoana ary no hahalalana fa vita Batisan' ny Fanahy Masina ianao? Ny hahalalana azy dia miteny amin' ny fiteny tsy fantatra ianao. Asan' ny Apostoly 1: 8 "Fa hahazo hery ianareo amin'ny hilatsahan'ny Fanahy Masina aminareo, ary ho vavolombeloko any Jerosalema sy eran'i Jodia sy Samaria ary hatramin'ny faran'ny tany". Herin' ny Lanitra tsy hay tononina, tsy hay fantarina no tonga aminao rehefa milatsaka. Io FANAHY MASINA io dia mampiteny amin' ny fiteny samihafa, Asan' ny Apostoly 2: 4 "Ary samy feno ny Fanahy Masina izy rehetra, ka dia niteny tamin'ny fiteny maro samy hafa, araka ny nampitenenan'ny Fanahy Masina azy". Asan' i JESOSY ny manome sy mandatsaka ny Fanahy Masina, Asan' ny Apostoly 2:33. Rehefa hitan' i JESOSY ny fiorenenao dia indro ny fanomezana, Asan' ny Apostoly 2: 38 Mila vavaka avy aminareo mpanompoko koa ny mpino mba handray ny Fanahy Masina, Asan' ny Apostoly 8: 15-17 .Aoka mba ho olom-boahosotra no mametra-tanana fa tsy izay rehetra te-hanao izany. Saropady ny petra-tanana fa fampitana Fanahy ary izany Fanahy izany no maniraka sy miasa fa tsy sain' olombelona na fananam-bola ihany koa. Asan' ny Apostoly 8: 18-20.Tsy mifidy ny FANAHY MASINA rehefa hitany fa mankato ny olona sady mino ary mitandrina koa. Asan' ny Apostoly 10: 45-46. Ny mpanota manaiky hiova no omena ny fanomezana. Inty misy fanontaniana, Asan' ny Apostoly 19: 2 "Efa noraisinareo va ny Fanahy Masina, fony vao nino ianareo? Fa ireo nanao taminy hoe: Tsy renay akory fa efa nomena ny Fanahy Masina". Hitanareo amin' izany fa vao mino sy manaiky dia mandray ny FANAHY MASINA. Ny hahalalana AZY dia miteny toy ny miresaka ilay olona fa tsy miraikitra ny lelany na misy fihetsika hafa ataony koa. Tony tsara, miteny tsara, tsy mihozongozona na mibitabitaka ary ao anaty vavaka ihany no miteny fa tsy an-koatry ny vavaka. Izay no atao hoe : vita Batisan' ny Fanahy Masina. Fanahy Hendry Izany, Masina sy Madio, Mahery sy Mahagaga.

Mbola hitohy

Amen! Haleloia!

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

**E-mail:** jehovahandriamanitra@gmail.com

**Facebook** : Jehovah Andriamanitra page

**Radio:**

- **Antsiva,** FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora
- **Soa Radio**, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora
- **RMK,** FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

**Gazety Ny Valosoa Vaovao** (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

## NY TENY FIAINANA

*Fa ankehitriny, esory koa izao rehetra izao, dia fahatezerana, fiavonavonana, lolom-po, fitenenan-dratsy, teny mahamenatra avy amin'ny vavanareo.*
***Kolosiana 3:8***

## TAFATAFA

## Solonavalona Andriamihaja

# Lalampanorenana 2010, lalampanorenana anjakan'ny vola

***Nangonin'Isambilo***

***Fanehoan-kevitr'i Solonavalona Andriamihaja, mpikaroka sady mpandinika ny raharaham-pirenena no Tafatafa eto amin'ny gazetinao androany:***



Mahagaga mihitsy ity Fanjakan' ny Repoblika IV ity hoy izy, fanjakana miorina amin'ny Lalampanorenana 2010. Amin'izao toedraharaha misamboaravoara amin'ny fifidianana Filohan'ny Repoblika izao dia lasa indray ny saina nikaroka izay mety ho anton'izany toe-draharaha tsy milamina izany.

Ary dia gaga tokoa nahita kitoatoa tamin'ny famolavolàna ity lalampanorenana 2010 ity: inona no kitoatoa?

Rehefa nojerena ny And. 100 mikasika ny fomba famaritana ny fetr'isa ahazoan'ny Antenimierampirenena mandrava ny Governemanta dia TSY MITOVY NY FETR'ISA VOASORATRA AO AMIN'NY lalampanorenana AMIN' NY TENY MALAGASY SY AMIN' NY TENY FRANTSAY:

Amin'ny teny malagasy: "Raha toa ka ny antsasa-manilan'ny mpikambana ao amin'ny Antenimierampirenena no mitsipaka ny fangatahampitokisana dia mametraka ny fialàny amin'ny Filohan'ny Repoblika ny Governemanta". (Fanazavana ome- ko: amin'ny tarehimarika: fetr'isa= 51%).

Amin'ny teny frantsay: "S'il est mis en minorité par les deux tiers des membres composant l'Assemblée Nationale, le Gouvernement remet sa démission au Président de la République". (Fanazavana omeko: amin'ny tarehimarika: fetr'isa=67%).

Tena kitoatoa izany, tsy ampy fitandremana, tsy afaka hitantanana ny firenena ny Lalampanorenana toy izany, lalampanorenana novolavolain'Andriamatoa Andry Rajoelina, hoy ihany izy. INONA NO ANTONY NITARIKA IZANY FANOVANA IZANY?

Ny zava-misy eo amin'ny lafiny politika tato anatin'ny 5 taona farany nahitana fampiasam-bola mihoapampana tsy any amin'ny tanjona tokony handehanany no manamarina izany fanovàna izany.

Raha ahena ho 51% ny fetr'isa takiana amin'ny Antenimierampirenena dia mora ny mitady an'izany: mora kokoa ny MIVIDY depiote sasany hamenoana ny 51% noho ny 67%. Teo no nanomboka ny fitarihana ny depiote hanaraka izay baiko omen' ny Governemanta amin'ny fanome-zana ireo antsoina hoe: "valopy" (misy vola), niitatra taty aoriana tamin'ny "malette" (matevitevina kokoa ary niverimberina matetika) ary niafara mihitsy taty aoriana amin'ny fanome-zana fiara 4x4 : NIALA TAMIN'NY ANDRAIKINY NY ANTENIMIERAMPIRENENA SATRIA IZY NO TOKO-NY HAMEFY NY GOVERNEMANTA FA TSY NY MIFANOHITRA AMIN' IZANY : FAHADISOANA LEHIBE IZANY.

FIHETSIKA MITORY FINIAVANA HANAO RATSY.

Fa ndao àry hojerena ireo lalampanorenana teo aloha momba an'io fomba fifandraisan'ny Governemanta sy ny Antenimierampirenena io:

Lalampanorenana 2007/And. 97: Fetr'isa: Roa ampahatelony 67%) mitovy na amin'ny teny malagasy na amin'ny teny frantsay.

Lalampanorenana 1998/And 94: Fetr'isa: Roa ampahatelony 67%) mitovy na amin'ny teny malagasy na amin'ny teny frantsay.

Ny Lalampanorenana 2010 Andry Rajoelina izany no nanova ilay fetr'isa taty aoriana ho an'ny Repoblika IV.

Fa inona no nahamay nanovàna ilay fetr'isa amin'ny teny malagasy (ary tsy voaova ilay tarehimarika amin'ny teny frantsay)? Fitiavan'ny Governemanta hifehy ny Antenimierampirenena nohon'ny fitiavam-bola tsy hita noanoa mbola tsy fahita mihitsy teto amin'ny firenena: nihoatra be dia be ny fanodikodinam-bola kely sy goavana, nitombo be dia be ny kolikoly madinika sy goavana, tonga hatrany amin'ny antanan-tohatra ambony indrindra amin'ny rafi-panjakana.

IZANY NY LALAMPANORENANA 2010 ANDRY RAJOELINA : LALAMPANORENANA ANJAKAN'NY VOLA, TSY AFAKA HITANTANANA FIRENENA.

Tsy mahasoa ny firenena izany, tsy nitondra voka-tsoa ho an'ny firenena eo amin'ny lafiny maro: tsy nandroso ny fambolena, ny fiompiana, ny taozavatra sy indostria, tsy milamina ny raharaha sosialy (fahasalamana, fanabeazana-fampianarana), mampatahotra ny tsy fisian'ny fandriampahalemana tsy ahafahana mamokatra ampilaminana, ireo antony rehetra ireo no nitarika ny firenena malagasy nilentika ho any amin'ny laharana fahatelo alohan'ny gisitra eran-tany eo amin'ny maridrefin'ny fahantrana.

VAHAOLANA

Tsotra ny vahaolana: averina ny fetr'isa teo aloha, And. 100 hoe: "Roa ampahatelony", mitovy amin'ny voalaza amin'ny teny frantsay.

Tahaka ny vahaolana natolotra tamin' ny fanitsiana ny And. 1/lalampanorenana 2010 teo aloha koa dia fanitsiana (amendement) ataon'ny Ante- nimierampirenena no atao fa tsy mila referendum vaovao.

Anjaratsika Malagsy ny manohitra an' io LALAMPANORENANA 2010 ANDRY RAJOELINA ANJAKAN'NY VOLA IO.

Velomy mandrakariva ary ampiharo ny torolalana omen'ny ohabolan-drazana: ALEO VERY TSIKALAKALAM-BOLA TOY IZAY VERY TSIKALAKALAMPIHAVANANA.

Izany no maha Malagasy anao, izany no maha Malagasy antsika hoy i Solonavalona Andriamihaja.

FORT DAUPHIN, FIFIDIANANA

## Tsy narisika ireo mpifidy

Tsy narisika ireo mpifidy tany Fort-Dauphin. Saika nitovizan'ireo birao fandatsaham-bato tany Fort Dauphin renivohitra ny tsy fahampian'ny olona tonga nifidy. Antony, tsy nanana kara-pifidianana sy tsy voasoratra anarana ihany koa ireo mpifidy. Ireo vao sambany hifidy no tena sorena. Amin'ny ankapobeny, diso fanantenana tamin'ny fanomanana ny fifidianana ny ankamaroan'ny mpifidy, ireo nanana kara-pifidianana afaka nifidy fa ireo tsy voasoratra anarana kosa no tavela. Raha ny taham-pahavitrihan'ireo tonga nifidy, mpifidy nanefa ny adidiny tao Fort Dauphin renivohitra, ambany satria teo amin'ny 30%. Na izany aza, niakatra 13% ny taham-pahavitrihan'ny mpifidy raha ampitahaina tamin'ny taona 2013, fifidianana farany.



Ny tananan'ny Fort Dauphin

**Mangarahara**

Taom-pianarana vaovao 2018-2019

## Miroso ny mpampianatra na misedra olana maro aza

Na nandritra ny fotoanan'ny fampielezan-kevitra na niatrika ny fifidianana sy ny vokany izao, ho an'ireo mpampianatra sy mpanabe kosa dia tsy nitsahatra izy ireo nanomana ny fotoam-pidirana sy fandraisana ny mpianatra ho amin'ny taompianarana vaovao 2018-2019. Ny mpampianatra no nivory voalohany nanao tomban'ezaka ny taom-pianarana nivalona, ka nijery ireo olana sy ny voka-panadinana tao amin'ny sekoly tsirairay avy ary nibanjina ho amin'ny fanatsarana ny ho avy. Izay tsara fiomanana rahateo hijinja vokatra tsara. Nanomboka tamin'ity herinandro ity ary hitohy amin'ny herinandro ambony ny fampidirana ny mpianatra an-tsekoly. Nahatsapana fihenany ny mpianatra nisoratra anarana tany amin'ireo sekoly isan-karazany indrindra tany amin'ireo sekolim-panjakana amin'ny faritra sasany amin'izao fiandohana izao noho ny antony maro samihafa. Heverina fa mety mbola hiampy kosa anefa izany mandrapiditra tanteraka. Ny fiomanana amin'izao fiandohan'ny taom-pianarana izao no miantoka ny fizotry ny fampianarana sy ny vokatra. Tato anatin'ny taona maro farany dia natao alasafay be ihany ny tantsoroka nataon'ny fanjakana tamin'ireo sekoly na miankina na tsia. Tsy nisy mazava ny fitsinjovana ireo mpampianatra fa niady irery ho amin'izany izy ireo ary nankahery tena fotsiny hiatrika adidy aman'andraikitra anjara biriky eto amin'ny firenena. Izany herim-po izany matetika miferotra ihany rehefa eny antenantenam-potoana eny noho ny fidangan'ny sondro-bidim-piainana tsy voafehin'ny fitondrana. Ny karama raisiny anefa ambany ary tsy hita izay fitombony mazava ahafahany manatsara ny fari-piainany. Manginy fotsiny ny hasarotry ny asa noho ny fiovàna toetsaina na eo amin'ny ray aman-dreny na eo amin' ny mpianatra izay zary nahazo vahana noho ny antony fameran-tsazy nasain'ny ministera napetraka manerana ny sekoly rehetra eto amin'ny firenena. Na eo aza anefa ireny olana maro isankarazany ireny atrehin' ny mpampianatra ireny dia miroso ihany izy ireo miatrika izao taom-pianarana vaovao izao.

**RADAFY**

## SARIITATRA: Aoka tsy ho matim-bola sy tsy ho voafitaky ny kobaka am-bava





Distrikan'i Maitirano sy Morondava

## Nanao ny nataony ny dahalo nandritra ny fifidianana omaly

Ireo tsy fahatomombanana tamin'ny fifidianana omaly: nisy tamin'ireo olona tokony hifidy no tsy nahazo ny kara-pifidianana ka tsy afaka nanantanteraka izany. Efa fantatra mialoha ny tsy ho fahatomombanana mialoha ny lisi- pifidianana tamin'ity indray mitoraka ity na dia teo aza ny filazana nataon'ny tompon'andraikitra mpikarakara sy ny fitondrampanjakana fa hizotra soa amantsara ny fifidianana izay atao. Manaporofo izany ny fitarainana teo amin'ny tsy fahazoana kara-pifidianana sy ny tsy maha ao anaty lisitra, mpifidy maro . Efa nisy ny lisitra fanitsiana nalefa teny amin'ny CENI fa tsy mapiova zavatra. Mbola tsikaritra ihany koa ny anarana miverimberina sy ireo efa maty mbola voasoratra. Na izany aza, nanefa ny adidiny ihany ny vahoaka Malagasy leo ny fahantrana, te –hiova . Vao mangiran-dratsy dia efa nitomandavana ny vahoaka teto an-drenivohitra , nanefa ny adidiny . Ho an'ireo faritra manodidina an'Antananarivo manokana dia nangadihady ny lalana sy ny tsena ny maraina iny, fa samy nanefa ny adidiny ny rehetra. Andrasana ny ho vokatry ny safidim-bahoaka amin'izao fifidianana izao na dia efa fantatra fa tsy hisafidy hiditra an-davaka intsony ny vahoaka Malagasy fa hisafidy an'i Dada mpanorina fa tsy mpandrava. Ankoatra izany tany amin'ny Kaominina Befasika Morondava, dahalo enina nanafika ny tanàna , vokany vaky nadositra ny mponina teo an-tanàna sy ireo mpiandraikitra ny biraom-pifidianana, tsy nisy afaka nanao na inona na inona mandrapahatongan'ny mpitandro filaminana nanenjika ny ireto dahalo. Tamin'ny roa ambifolo antoandro vao afaka nanefa ny adidiny ny mpifidy tao an-tanàna. Tany amin'ny Kaominina Andrea Maintirano, noraofin'ireo dahalo avokoa ireo fitaovana hanantanterahana ny fifidianana . Nitrangana fanafihan-dahalo ihany koa ny kaominina Andrea fokontany Ampandramalaza distrikan'i Maintirano nandritra ny andro nanatontosana ny fifidianana, ankoatry ny fandrobana ireo fananan'ny mponina tao an-tanàna dia nahita faisana ihany koa ny fitaovana hanatontosana ny fifidianana tao an-tanàna. Manoloana ny toy izao dia nandray fepetra ny mpitodra any antoerana nandravina ny raharaha ka nampandefa indray fitaovana nahafahana nanohy ny fifidianana ny atoandron'io omaly io ihany.

**Serge**

Sary hosodoko

## Nodimandry ny andrarezina Raparivo Roland

Eo amin'ny sehatry ny sary hosodoko, nodimandry afak'omaly ny mpanao hosodoko Malagasy nalaza teto an-toerana sy tany ivelany: Raparivo Roland. Very Olomanga tokoa ny firenena noho izany, nandao antsika izy , ny asa soa izay navelany kosa dia mijanona mandrakizay ho an'i Madagasikara iray manontolo . Tabia sy reharehan'ny Kanto Malagasy izy: mandria am-piadanana Raparivo Roland. Ny gazety Ny Valosoa Vaovao ihany koa dia mirary fiononana feno ho an'ny fianakaviany.

**Ny Valosoa**



Ny andrarezin'ny sary hosodoko, Raparivo Roland.

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

Ny filoha Ravalomanana mianakavy nandatsa-bato teny Faravohitra omaly.








